
# ALAHADY II - PAKA - TAONA A 2026



***"Sambatra izay tsy nahita ka nino".***

Ry Kristianina havana, izao Alahady manaraka ny Paka izao no antsoina amin'ny teny latina hoe "Quasimodo". Mbola Paka ihany koa ho antsika satria ny Paka dia tsy inona fa i Kristy nitsangan-ko velona. Ity Alahady faharoan'ny Paka ity no andrenesantsika ny Evanjely mikasika an'i Md Tomà izay nanambara hoe "Tompoko sy Andriamanitro". Tahaka an'i Md Tomà isika tsirairay avy rehefa miaiky ny fahalementsika ka manaiky an'i Kristy sy miaina ny famindrampon'Andriamanitra. Nantsoin'i Papa Md Joany Paoly II ho Alahadin'ny Famindram-pon'Andriamanitra ity Alahady faharoa amin'ny Paka ity nanomboka tamin'ny 30 aprily 2000, andro nananganana ho olomasina an'i Mb Faustine izay nambaran'ny Fo masin'i Jesoa hampibaribary ny famindram-pon'Andriamanitra.

**Vakiteny I :** Asa 2, 42-47
**Tononkira :** Sal. 117,
**Vakiteny II :** 1 Pi. 1, 3-9
**Evanjely :** Jo. 20, 19-31

Alahady faharoa amin'ny fankalazana ny Paka ny Alahadin'ny famindram-po satria i Kristy nitsangan-ko velona no mampibaribary fa famindram-po tokoa Andriamanitra. Mbola ao anatin'ny fiatrehana an'ity korontana eran'izao tontolo izao ity isika, izay "lazaina fa ady lehibe mitsitokotoko (guerre mondiale par morceaux) izay misy fiantefany ratsy amin'ny fiainana andavanandro noho ny fiakaran'ny vidim-piainana. Tahaka ny mahazatra dia ny madinika mandrakariva no mitondra faisany. Ao anatin'ny tontolon'ny krizy laina izany no mankalaza izao Alahadin'ny Famindrampon'Andriamanitra izao isika. Azo lazaina fa isika tsiraikiraiky dia karaha I Md Thomas miatrika izao zava-misy izao. Azo lazaina fa voahozongozona ny finoantsika. Tahaka

an’I Md Thomas nanatena tokoa izy nefa toa resy I Jesoa Maty… marina misy resaka sy filazana fa nitsangana izy. Karaha izany koa isika te hatoky fa nandresy I Jesoa nefa toa resy ihany koa satria toa “matanjaka” ity Krizy ity izay tena mikiky ny fiainantsika... Toetrantsika tokoa noho izany no asongadin’ny Evanjely anio ka sady mangataka amin’I Md Tomà isika hivavaka ho antsika mba hatoky an’I Jesoa ary indrindra feno toky satria “sambatra izay tsy mahita nefa mino” hoy I Jesoa.

Ny lohahevitra atolotry ny Eglizy amintsika androany rahateo amin'ny alalan'ireo tenin’Andriamanitra dia azo fintinina hoe "**Mifalia isika mianakavy, mifalia isika olo araiky jiaby ary aoka hifankatia ao amin’ny Tompo fa be famindram-po Izy".** Manenika ny fontsika ny hafalian’ny Paka, mirehidrehitra ao amin'ny fontsika, tahaka nampirehidrehitra ny fon'ireo mpianatra tany Emaosy raha nihaona tamin'i Kristy izy ireo.

Hafaliana mirehidrehitra ao am-po zaraina amin’ny hafa, izany no mahatonga antsika hifankatia hanambara ny vokatry ny Paka dia ny fiadanana. Isika miara-paly ao anatin’izany fiadanana sy fihavanana vaovao nentin’i Kristy sy ny fitiavana nampianariny izany dia ny fanompoana izany, isika mifankatia, isika mifanasoa, io no Paka ho antsika. Ny fiadanana dia ny fifandraisana miverina indray amin’ny laoniny. Mirindra ny fifandraisana tahaka ny naharian’Andriamanitra azy tamin’ny voalohany raha nahary izao rehetra izao Izy. Izany no mahatonga ny fiantsoana ny famonjena nentin’i Kristy Fahariana Vaovao. Raha mivelona ny fampihavanan’i Kristy entin’ny famindrampon’Andriamanitra dia mirindra ny fifandraisana amin’ny zava-boary, fifandraisana amin’ny mpiara-belona, fifandraisana amin’Andriamanitra...

Paka tokoa ny fiainantsika raha asiantsika Aleloia. Aoka hifankatia isika raha tiantsika hasiana Aleloia ny fiainantsika. Misy Aleloia ny fiainantsika raha misy ny hafaliana vokatry ny fifankatiavana.

Ry Kristianina havana, izany no manosika antsika araka ny voalazantsika tamin’ny taonan'ny famindram-po mba ho "chapelle" famindram-po isika tsirairay avy. "Chapelle" isika raha onenan’Andriamanitra ny fontsika ka tia manompo ny hafa, manompo ireo manodidina antsika anisan’izany ny tontolo iainana izay tokony hotandrovina sy kolokoloina ary hatsaraintsika. Azo lazaina fa nanampy antsika hiatrika izao vanim-potoana sarotra izao io “chapelle”n’ny famindram-po io. Ny faniriana dia isika tsiraikiraiky no zary “chapelle”n’ny famindrampo izany hoe zary toerana hanovozan’ny olona famindram-po handavorariana ny fiainana…. Izany hoe araka ny famaranantsika ny fanokanan-tena amin’ ny Fo Masin’I Jesoa : “Jesoa Malemy fanahy sy manetry tena ao ampo… Ataovymanahaka ny fonao ny fonay”

Mivelona ny famindram-pon’Andriamanitra isika raha malemy fanahy, "chapelle" famindram-po velona isika raha malemy fanahy eo amin’ny tontolo manodidina antsika sy mandray an-tanana eo anivon'ny fianakaviana eglizy kely, ny eglizy fiombonana, ny eglizy iraka, ny eglizy fototra.

Hamafisin'ny vakiteny voalohany ao amin'ny Asan'ny Apostoly izany : "N*azoto ireo mpino tamin’ny fampianaran’ny Apôstôly sy ny fa*monjem-pivoriana, ary tamin’ny famakiana ny mofo sy ny fivavahana rehetra"**.** Nazoto nihaino ny fampianarana sy nandalina ny finoany ny Apostoly, niara-belona tamin’i Kristy izy ireo sy nihaino Azy ka ohatra velona ho antsika izany ry krsitianina havana. Ho fanehoantsika ny vokatry ny Paka 2026 dia aoka isika samy vonona hameno ireo sajoa saota, enina araka ny fampianarana natao tamintsika indrindra amin’izao isika miatrika ny Sinaody faha 7 fijanonana faha 4 izay mampivondrona an’ireo fijanonana telo voalohany ka hahatonga antsika ho FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MANDRAY AN-TANANA…. Aoka isika hazoto hivavaka na dia maro aza ireo zavatra ~~maro~~ mampitebiteby ka mahatonga antsika ho very fanahy mbola ho velona. Izao tontolo izao tokoa no very fanahy mbola velona. Isika manana an’I Jesoa nandresy ny ratsy ka aoka isika hifikitra Aminy amin’ny alalan’ny famenoana ny “sajoa” amin’ny vavaka. Mba tsy ho very lalana aoka isika hazoto hihaino ny fampianaran’ny Eglizy ary hazoto hamonjy ny fivoriana na ao anatin'ny fikambanana masina, na ny firohotana, na any amin’ny vaomiera any amin’ny eglizy fiombonana fa indrindra amin’izao miakatra ny Sinaody izao. Aoka hanatanteraka an’izany isika satria izany no fijoroana ho vavolombelona manompo an'Andriamanitra. Aoka ho tahaka an’ireo Apostoly isika hazoto hamonjy ny fivoriana sy hivavaka.

Entanin’ny fifankatiavana marina isika ka hifampizara ny manta sy ny masaka tahaka ny Apostoly, mandray an-tànana ny fiainan’ny eglizy toy ny fanomezana hasina ny finoana, ohatra, izay efa nataon’ireo Apostoly hatramin’ny voalohany koa.

Hanome hasina ny maha Katolika antsika koa isika vita batemy amin'ny alalan'ny hasim-pinoana mba ho Paka isan'andro ny fiainantsika satria mandray an-tànana ny finoantsika. Araka ny voalazantsika dia fanehoana ny “identité” izany hoe ny maha isika antsika katolika ny fanatanterahantsika ny hasim-pinoana ary ny fikolokoloan’ny tontolo iainana. Izany no mahavoasoratra an’ireo roa ireo amin’ny karatra maha-Katolika…

Mampianatra antsika i Md Piera ao amin’ny vakiteny faharoa mba hanambara ny fanantenantsika amin’ireo mpiara-belona amintsika isika, izany ny vokatry ny Paka " *hisaorana anie Andriamanitra, Rain’i Jesoa Kristy Tompontsika, izay niteraka antsika indray, araka ny haben’ny famindram-pony, noho ny fitsanganan’i Jesoa Kristy ho velona, ho amin’ny fanantenana velona, hahazo ny lova tsy mety simba, tsy misy pentina, tsy mety levona* ". Noho ny hasin’ny Fanahy masina, noho ny famonjena entin’i kristy dia feno fanantenana isika fa indrindra isika tanora hiaraka hanao JMJ any Sambava amin’ity taona ity. 10 taona lasa no nisy JMJ teto amintsika manantena antsika fa hanome aim-baovao araka ny lohahevitra hanentanana hoe : tanora vonona mifanampy ka mahatsapa sy miaina ny maha zava-dehibe ny fivavahana, fifampitsimbinana, fifanasoavana, fiarovana ny tontolo iainana mandray an-tanana ka zary vavolombelon’i Kristy ho vavolombelon’i Kristy maty sy nitsangan-ko velona eny anivon’ny fiaraha-monina.

Kristy velona no fanantenana ho antsika ka hahatonga antsika hahazo ny lova tsy mety simba na levona. Miaraka amin'izany fanantenana izany isika no manatanteraka ny adidy sy ny andraikitra fanompoana eo amin'ny Eglizy kely fianakaviana, Eglizy fiombonana, Eglizy fototra, Eglizy iraka, eo amin'ny fikambanana sy vaomiera misy antsika. Ho kristianina velona manambara ny fanantenana an'i Kristy isika tahaka an'i Md Tomà sy Lucien Botovasoa ka vonona mandrakariva na dia eo aza ireo fijaliana mety hitranga, na dia eo aza ny fanenjehana. Izao alahady "Quasimodo" izao dia ahatsiarovana ny nanomoana an'i Lucien Botovasoa ho martiry, nanambarany teo am-pamonoana azy fa Tompo sy Andriamanitra i Jesoa.

Enga anie isika hijoro hanambara amin'ireo manodidina antsika fa i Kristy nitsangan-ko velona dia mpiara-dàlana amintsika, Izy no Tompo sy Andriamanitsika. Omen'i Jesoa antsika ny fanahiny ka hanana ny fiadanany isika sy hanana ny herim-po ilaina rehetra ka hanambara amin'ireo manodidina hoe : *efa nahita ny Tompo tokoa izahay.*

Enga anie izao fankalazantsika ny Alahadin'ny famindram-po, izay mbola ao anatin'ny Paka izao, hanampy antsika hiroso lalindalina kokoa amin'ny fiainam-pinoana. Mpiara-belona amintsika i Jesoa ka matoky Azy isika. Koa enga anie hoentanin'ny fanahiny tokoa isika hanambara Azy eo amin'ny fiainantsika.

Ry Jesoa zokinay ô, enga anie hisy fihavaozana ara-panahy tokoa izahay ka ny famindram-ponao no hanenika anay. Ho feno hafaliana sy fanantenana izahay eo amin'ny fiainanay andavanandro ary na dia malemy aza izahay, na dia fatra-pisalasala aza izahay dia herezo ho tahaka an'i Md Tomà sy Lucien Botovasoa hiaiky fa Ianao tokoa no Tompo sy Andriamanitra ka vonona hanambara izany na hatramin'ny fara fofon'ainay aza. Amin'izay dia hahay handray an-tànana ny fiainanay miaraka Aminao izay nitsangan-ko velona izahay. Masina Maria Renin'ny famindram-po ampianaro izahay mba ho famindram-po amin'ireo manodidina anay. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy eran-tany ampianaro ny fianakaviana, Eglizy kely, mba ho fianakaviana anjakan'ny famindrampo dia hanjaka ny fiadanana...Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson